# TORITENY - ALAHADY faha-20 TSOTRA - TAONA D



## *Tsy tonga hitondra fihavanana Aho, fa fampisarahana aza.*

Ry kristianina havana, amin'izao Alahady faha-20 mandavantaona izao dia somary manahirana ny mandre ny tenin'Andriamanitra noho izy mifanohitra amin'ny mahazatra antsika. Matetika ny teny ampiasain'i Jesoa dia ny fitiavana , ny fiombonana, ny fihavanana, ny hasambarana, nefa ny teny amin'ny vakiteny telo atolotry ny Eglizy androany dia toa mifanohitra amin'izany ; herisetra, hetraketraka no azo lazaina itambaran'izy telo. Ny ao amin'ny vakiteny voalohany, i Jeremia dia voahetraketraka iadian'olona sy tadiavin'ny olona hovonoina aza. Ny ao amin'ny vakiteny faharoa dia manambara ny hetraketraka ihany koa, ary amin'ny Evanjely dia i Jesoa milaza fa " tsy tonga hitondra fihavanana aho fa fampisarahana aza, hitondra afo eto ambonin'ny tany aho". Ahoana izany fa hafahafa ny teniny? Izy ilay mpanjakan'ny fiadanana, tonga izy nanolotra ny ainy hampihavana.

***Vakiteny I :*** *Jer. 38, 4-6. 8-10* ***Salamo :*** *Sal. 39* ***Vakiteny II :*** *Heb. 12, 1-4* ***Evanjely :*** *Lk. 12, 49-53*

Ry Kristianina havana, tsy hoe hampiady i Jesoa, sanatria na miteny an'io izy, na misy ny hetraketraka sy ny fanapotehana aza.

Tsy izany no tiany ambara fa araka ny fantatsika dia eo anivon'ny fotoana fandalinam-

pinoana tokoa isika izao. Ary tena mifanojo tanteraka amin’ny Sinaody, Eglizy miara-dia. Ny andrasana amintsika tokoa dia ho Olon-dehibe amin’ny finoana isika. Inona moa ny dikan’izany?
Matotra ara-pinoana. Izany hoe olona afaka mametraka safidy matotra. Ka na tamin’ny andron’i Jeremia na amin’izao androntsika izao izay lazaintsika andron’ny KORONTANAVIRUS dia mitaky safidy tsy maintsy ataontsika. IO SAFIDY IO NO AFO MANDORO IZAY TSY MAINTSY HANDALOVANA.
Afaka kelikely dia hiatrika ordination isika, fotoana irosoan’ny relijiozy amin’ny voady ihany koa izao, maro koa ireo miroso amin’ny mariazy amin’izao vakansy izao.... Ireny rehetra ireny dia mitaky safidy. Ny safidy manambara fa “manilika” ny anankiray fa handray kosa izay nosafidianinao. Izay ilay Afo tsy maintsy mandoro voalazan’i Jesoa.
Azo lazaina fa io no lakroa tsy mampisaraka fa mampibaribary an’io safidy io. I Jesoa no azo lazaina fa "victime" farany amin'izay, vokatry ny fahotantsika io. Diso làlana i Adama sy Eva ka nisafidy ny fahotana dia hitantsika ny vokany. I Jesoa kosa tonga eto anivontsika dia hampihavana ka anjarantsika kosa anefa ny misafidy, izy ilay hoe manipy afo, afo manadio antsika.
Ilay safidintsika no manadio, tsy azo atao ny misabaka sady atsy no ary. Ny fihatsaram-belatsihy koa tsy azo atao fa tsy maintsy mazava ary izay fahazavana izay ny afo manavaka. Izany no dikan'ny batemy, hanambara amintsika an'izay safidintsika izay.
Ao anatintsika ao izany dia misy hery setra ary eo anivon'ny fiaraha-monina koa, ka rehefa misafidy dia tsy maintsy misy mandoro. Raha olona dimy ao an-trano dia hifanao an-daniny, tsy hoe sanatria i Jesoa no mampiady, tsy hoe ny fivavahana no mampiady fa indrindra amin'izao vanim-potoana anaovantsika ny Sinaody izao dia manantena isika fa maro ny zavatra mazava mikasika ny fivavahana sy ny finoana ka hahay hisafidy isika. Io safidy ataontsika io no toy ny lefona maranitra mampiavaka ka izay fiavahana izay no miteraka fiadian-tsaina ao anatintsika ao ka tsy maintsy misy fanapahan-kevitra hirosoana fa tsy safidy fotsiny. Io fanapahan-kevitra io no lazain'i Jesoa ho Afo mandoro mitondra antsika hiroso lalindalina kokoa. Ary i Jesoa araka ny voalaza ao amin'ny taratasy ho an'ny Hebrio, izy no nanatanteraka an'izay, izy nahazo nifidy ny hafaliana nefa naleony niaritra ny hazo fijaliana sy nitondra ny henatra koa. Io koa no tsy maintsy ho safidintsika, tsy ny rendrarendra mitondra amin'ny hafaliana mandalo sy miserana fa tsy maintsy miakatra ambonimbony kokoa isika, tsy hirefarefa amin'ny tany fa hanakatra ny soa sy ny tsara ary avelantsika izay rehetra manavesatra antsika mba hahafahantsika miombona bebe kokoa amin'i Jesoa. Io ilay lazaintsika matetika hoe tsy maintsy mandresy ny rafi-pahotana isika ary hametraka rafi-pivelomana hampivelatra ny maha-olona sy ny olona manontolo.
Hitantsika tao amin'ny vakiteny voalohany fa i Jeremia dia nisedra an'izany raha niezaka nanambara ny sitrapon’Andriamanitra. Anjarantsika no miatrika izany amin'izao androntsika izao. Mety ho mafy izany nefa matokisa fa nandresy i Jesoa. Ny fandreseny miampy ny safidintsika no mitondra antsika amin'izay tena hasambarana sy fiadanana marina ary izay

no irintsika. Izay no mahatonga antsika miaraka milaza amin'i Md Paoly hoe "*tsy isika fa ny fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika*" no hahafahantsika mametraka an'izay safidy izay, ka ho tonga fahazavana sy fanasina eo amin'ny mpiara-belona amintsika ary koa hahafahantsika hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Amin'izay tsy misy avakavaka intsony satria efa nodoran'ny afom-pitiavana.Tsy irery isika no manatanteraka izany fa Eglizy miara-dia amin'izao Sinaody izao. Doran'ny motrom-pitiavana mampiombona antsika ny ratsy ka miroso tokoa isika ho Eglizy Olo Velomin'ny Batemy mandray an-tanana ka zary Tabernakla Velona. Io motro lazain'i Jesoa io dia ny fitiavana, ny afom-pitiavana, ny famindrampon'Andriamanitra ka ho levona ny ratsy, levona ny herisetra. Ho zary fiaraha-monina ao anatin'ny rariny sy ny hitsiny, ao anatin'ny fihavanana, ilay fihavanana sady kristianina no malagasy ka afahantsika mametraka rindram-piainana mitondra fiadanana.
Izany tokoa no angatahintsika amin'i Jesoa amin'izao Alahady faha-20 mandavantaona izao ka izy anie handevona ao am-pontsika ao amin'ny alalan'ilay afom-pitiavana ny herisetra sy ny fakam- panahy mahadiso antsika ka hipetraka tokoa ilay fahamarinana, ilay fiadanana ary ny fihavanana araky ny nampianarin'i Jesoa antsika. Mitodika aminao izay ry Maria Renin'ny Eglizy amin'izao andro mialoha ny fankalazana ny Nampakarina anao amboninahitra any an-danitra izao, tantano ny dianay ho tody soa aman-tsara amin'izao Sinaody izao ka zary Tabernakla Velona tahaka anao izahay hizara fiadanana sy fanantenana amin'ireo manodidina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson